# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Aogositra 2018

**5** **Alahady**
aogositra

**Ary izy naneho ahy onin'ny ranon'aina, manganohano tahaka ny vato krystaly, nivoaka avy teo amin'ny sezafiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry.**
Apokalypsy 22. 1

**Ny mpanompony ... hahita ny tavany... Ary tsy hisy alina intsony ... fa ny Tompo Andriamanitra no hanazava azy.**
Apokalypsy 22. 3-5

## Fihirana tao amin'ny hôpitaly

Fahiny dia nisy vehivavy kristiana iray nitsidika hôpitaly miaramila anglisy tany Le Caire, any Egypta. Anisan'ireo naratra ity tovolahy ekôsey niala ny ranjony ; nitoreo izy sady niantso andreniny. Niondrika ilay ramatoa ary nametraka lamba nolemana teo amin'ny handriny nahamay be. Nihiratra ny mason'ilay tovolahy, ary niteny taminy izy hoe :

— Misaotra tompoko, mampahatsiaro ahy ny reniko ianao.

— Tianao ve ny hanoratako ho azy ?

— Avelao ny dokotera no hanao izany ho ahy, fa ... aleo ianao mba mihira fihirana ho ahy. Nisalasala ilay ramatoa, teo afovoan'ity efitrano midadasika. Saingy nony nahita ny masoandro nilentika teo amin'ny ony Neily izy, dia nanomboka nihira fihirana iray fantatry ny maro :

*Eo akaikin'ilay ony misy onja madio*
*Mivoaka avy eo amin'ny sezafiandrianan'Andriamanitra,*
*Loharanom-pahasambarana lalina,*
*Mba ho eo amin'io toerana io ve isika ?*
*Ary isika rehetra ve mba hanambara ny fahasoavany*
*Amina fihirana mandrakizay,*
*Eo amoron'ilay ony madio izay mandalo*
*Ao amin'ilay tanàna volamena ao an-danitra ?*

Nisy niherika tsikelikely tany aminy ny olona, ary niara-nihira taminy. Nony farany, dia maro ny nihetsi-po nihira hoe :

*Eny, ho mandrakizay eo anilan'ilay ony*
*Mivoaka avy eo amin'ny sezafiandrianan'Andriamanitra,*
*Ony igohana fahasambarana :*
*Ho eo amin'io toerana io avokoa isika.*

Nisaotra ilay mpamangy azy ity tovolahy ekôsey, sady niteny taminy hoe : — Eny, ho eo aho, satria ny finoako dia miorina amin'ny nijalian'Ilay Mpamonjiko, nisolo toerana ahy teo amin'ny hazofijaliana.